


**Eo afovoany: ny Praiministra Lefitra Hajo Andrianainarivelo**

Tonga nitokana ny lapan’ny tanànan’ny Kaominina ambanivohitra Mandrosohasina, ao Faritra Vakinankaratra Distrikan’Antsirabe faharoa, ny Praiminisitra lefitry ny Fampandrosoana sy ny fanajariana ny tany sy ireo mpiara miasa taminy, ny Lehiben’ny Faritra Vakinankaratra, ny lehiban’ny Distrika ary ireo tomponandraiki-panjakana tany antoerana, ny asabotsy 15 Septambra 2012.




**Ny Lapan'ny Tanàna vaovao ao Mandrosohasina. Vory daholo ny mponina, ravo tokoa**

140 Tapitrisa ariary ny teti-bidin’io fotodrafitr’asa io ka ny 50 tapitrisa ariary amin’izany dia famatsiam-bola avy amin’ny fiadidiana ny Praiminisitra lefitra, ny 90 tapitrisa ariary kosa dia avy amin’ny hetran’ny kaominina ambanivohitra Mandrosohasina. Nanome simenitra 2 taonina ary niantoka tanteraka ny fandokoana io trano io ny Faritra Vakinankaratra ary ihany koa nanolotra omby ho nofon-kena mitam-pihavanana ho an’ny mponina. Manamarika ny maha izy azy ny Tanàna sy ny vahoaka ao anatiny ny fahavitana itony foto-drafitr’asa itony ary koa voninahitra

ho an'ny fitondram-panjakana sy ny vahoaka Malagasy raha ny nambaran'ny Praiminisitra lefitra miadidy ny Fampandrosoana sy ny Fanajariana ny tany raha nandray fitenenana izy.




**Fanapahana ny "ruban" miaraka amin'ireo solotenam-panjakana ao an-toerana**

Anjara biriky ihany anefa no noraisin'ny fanjakana fa ny tena zava-dehibe dia nohon'ny ezaky ny tsirairay sy ny isam-batan'olona no tena zava-dehibe ary tokony ho fitaratra ho an'ny Kaominina sy ny Faritra hafa ny fahavononana sy ny fandraisana andraikitra nataon'ity Kaominina ambanivohitra ity. Mametraka lova ho an'ny taranaka faramandimby ihany koa ny toa izao raha ny nambarany ihany. Hanampy ihany koa ny minisiteran'ny Fanajariana ny tany ny amin'ny hametrahana ny birao ifoton'ny fanànan-tany any an-toerana
ao anatin'ny fotoana fohy, hisy ihany koa ny fifampiresahana amin'ny tompon'andraikitra izay voakasiky ny fampidirana ny jiro izay nangatahan'ny mponina ao an-toerana.

Nanainga ny vahoaka ikany koa ity mpitondra fanjakana ity ny amin'ny hiaraha-misalaha amin'ny mpitandro filaminana mba hampandriana fahalemana ny tanàna.

**VICE-PRIMATURE EN CHARGE DU DEVELOPPEMENT ET DE L'AMÉNAGEMENT DU TERRITOIRE**